


## NY TAMBINTENY SY MPANAMPY

| Tokony hanana **ireto fahalalana ireto** aho :<br>- toerany<br>- karazany. | Ary manana **ireto fahaiza-manao ireto** :<br>- manavaka ny mpanampy sy tambin-teny ao anaty fehezanteny<br>- mampiasa tambinteny sy mpanampy am-bava sy an-tsoratra. |
|---|---|

**Aorian'ny lesona dia afaka** mampiasa tambinteny sy mpanampy am-bava sy an-tsoratra aho.



### IBOINTSY

Mpandringana ny iray tanàna Ikakabenify, ary imbetsaka Ibointsy no **saika** laniny. Voavonjy *hatrany* anefa izy noho ny hafetseny. Tamin'ity indray mitoraka ity, dia namory ny ankizy mpiray tanàna aminy izy **mba** hamono an'Ikakabenify.

.....................................................................................................................................

« Novoriko ianareo ry zalahy fa misy zava-dehibe ilana lehilahy. Fantatrareo Ikakabenify ! Rahalahy, anabavy, zoky, zandry, eny ankizy firifiry *akory* no **efa** laniny hatramin'izay ! **Mbola** mety ho laniny anio alina, rahampitso, amin'ny andro manaraka ny iray amintsika ireto. Ho lany ritra isika rehetra, isika zanak'ity tanàna ity. Ka iza *indray* no hamelo-maso ny ray aman-drenintsika ? Iza no hanohy ny zon'ny razantsika ?....Hiantso an'Ikompia ve isika satria nahafaty an'Itrimobe dadatoan'Ikakabenify izy ? **Tsy** manan-kenatra sa lehilahy **tsy** manan-kambo *angaha* isika ? Sanatria izany. **Samy** lehilahy lehitia a !

**Samy** nohosoran-dreniny menaka ka iza no ho ambaka noho izay Ikompia. Sa ahoana ? Fanavotana ity. **Tsy** ekena *na oviana na oviana* ny hanimbana ny ho avin'ity tanàna ity. Hevitro izany fa izay anareo no asa ! Nefa... »

- Aoka izay, r'Ibointsy a ! izay tetika lazaina handritantsika azy fa ela izany e !

-Izay e ! alefaso *tokoa* e ! hoy ny horakoraky ny madinika tafavory teo, sady nampirangaranga totohondry sy kanonta izy rehetra.

Izao *àry* ; **samia** maka bozaka maina daholo ianareo rehetra, ataovy be dia be. Dia manamboara rantsan-kazo maina toy ireny fanao amin'ny harendrina ireny, vontosy solika *tsara* . Ianareo efa-dahy ireto *kosa*, ataovy izay hahitanareo amponga iray *avy*. Dia **samia** tonga eny aminay mitondra ny azy *avy* ianareo rehetra anio hariva *ihany*. Ndeha *àry* miparitaka. Karakarao haingana ireo zavatra ireo.

Samuel RANDRIA

**SAHANASA 1 :**

- vakiko ny lahatsoratra ka ampanarahiko ny lantom-peo sy ny mari-piatoana. Tadiaviko ny teny sarotra.
- **karazan-dahatsoratra inona io lahatsoratra io ?**
- inona no resahina ao ?

## SAHANASA 2 : MITENY SY MANORATRA AHO



### Fahazoana ny lahatsoratra

- jereko ny firafitra → misy toe-javatra iandohana, toe-javatra manelanelana ary ny toe-javatra iafarana
  → rafitra angano izany

### Fandinihana ny mpanampy sy ny tambin-teny

- jereko ny lohatenin-desona, miresaka mpanampy sy tambin-teny
- avahako ireo teny natao **sora-matavy** sy ireo teny natao *sora-mandry*
- adikako eny amin'ny solaitrabe ireo fehezanteny misy azy
- apetrako ny anjara asa

### Toeran'ireo teny ireo

- **aiza ny tsinjara toeran'ny teny amin'ny sora-mandry? aiza ireo teny natao sora-matavy ao anaty fehezanteny? aiza  ny teny fenoiny, eo aloha sa eo aoriany ny teny fenoiny?**
- inona ny sokajin'ireo teny misy an'ireo teny sora-mandry sy sora-matavy ireo ?

### Famaritana

- toetra ananan'ny mpanampy sy ny tambin-teny : **inona no mampitovy sy manavaka azy roa ?**
- mamorona fehezanteny roa ahitana mpanampy aho ary fehezanteny roa ahitana tambin-teny
- **inona avy ny karazana tambin-teny sy mpanampy hafa ao anaty lahatsoratra na ivelan'ny lahatsoratra ?**

## SAHANASA 3 : MANITATRA AHO

Ataoko anaty fafana ireo mpanampy sy tambin-teny mety ho hita :

- teny sady azo atao mpanampy no azo atao sokajin-teny hafa, atao miaraka amin'ny ohatra
- mitady teny sady azo atao tambin-teny no azo atao mpamari-toetra atao miaraka amin'ny ohatra


*RASOANIRINA Zafy Clairentine - CEG Ankisaka ; RAVELOMIHEVITRA Joslin Fredon - CEG Tsaratanana ; FILEMONT - CEG Ambodiamontana Kianga*